ALAROBIA - LAVENONA - TAONA D 2022



Ny Rainao izay mahita ny miafina no hamaly soa anao.

Ry Kristianina havana, amin'izao Alarobia fanosorana ny lavenona izao no hanombohantsika ny fotoanandro hiomanantsika sy hivelomantsika ny misterin'ny famonjena antsika izay mitondra antsika amin'ny fankalazana ny Paka. Fotoana izay hamakivakiantsika mandritra ny 40 andro ny karemy handalinana ny finoantsika, katolika aho ka halaliniko tokoa izay inoako. Karemy izay mifanojo amin'izao fiatrehantsika ny Sinaody faha-7 iombonantsika amin'ny Sinaodin'ny Eglizy Erantany. Vanimpotoana lehibe ho antsika eto amin'ny diosezy handalinantsika ny finoana ka irintsika hahatonga antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA izay amin'ny Sabotsy Masina no hanavaozantsika azy. 40 andro hanararaotantsika hidirana lalindalina kokoa amin'izao Sinaody izao ka hahatonga antsika tsy ho mpitan-damba, na mpitazana fotsiny (spectateur) fa ho mpiantsehatra tokoa (acteur). HO EGLIZY OLO MIARA-DIA VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA KA MANDRAY AN-TANANA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Vakiteny I : Joely 2, 12-18
Tononkira : Sal. 50,
Vakiteny II : 2 Kôr. 5, 20-6, 2
Evanjely : Mt. 6, 1-6, 16-18

Ny isa 40 dia fiombonantsika amin'ilay 40 taona namakivakian'ny vahoakan'Israely ny tany efitra, "désert" tany karankaina mampavozo, mampatahotra satria tsy fantatra izay hiafarana, tsy fantatra ny lalan-kombana, hainandro migaingaina lavitry ny rano ka manjary mahita zavatra maro izay tena mamitaka, maro ihany koa ny fakam-panahy, ny sedra…. Azo lazaina fa tahaka ny manjo antsika amin'izao isika miatrika an'ity KORONTANAVIRUS ity. Tsy mankaiza an'izany ihany no ny nanjo an'i Jesoa. Nandritra ny 40 andro ihany koa Izy no voasedra tany an'efitra hoy ny Evanjely. 40 andro alohan'ny hanombohan'I Jesoa ny fitoriany ny Vaovao mahafaly. Banjinintsika ireo fakam-panahy maro samihafa nanjo azy dia ho tsapantsika fa ireo no ADY tsy maintsy atrehina ary ny DIA tsy maintsy lalovana raha tiantsika tsy ho voafitaka isika ka manonofy sy very fanahy mbola velona fa kosa ho tafita hanana fiainana mitondra amin'ny tena fivelarana marina.

Isika koa izany mandritra ny 40 andro izao karemy izao ary amin'izao Sinaody izao dia hiezaka haka tahaka an'i Jesoa, haka tahaka ireo vahoakan'Andriamanitra ka antenaintsika ho tafita isika satria izany no misterin'ny Paka izany hoe fandalovana : miala amin'ny fiainana tsizarizary any an'efitra ambaran'ny sedra sy fakam-panahy, sy maso voafitapitaka mahita zavatra tsy izy akory (illusion) mitondra amin'ny fahadisoam-panantena fa samy vonona kosa noho ny fiovam-penitra mahery vaika miroso amin'ny fiainam-baovao.

Tsara ihany koa ny manantitrantitra amintsika fa ny fankalazana tsy hoe fahatsiarovana fotsiny fa fivelomana, fiainana an'izay niainan'I Jesoa, izany no maha-Katolika Kristianina antsika, iainantsika izay inoantsika, Katolika aho ka mankalaza izay inoako.

Ny 40 andro hidirantsika amin'izao Alarobia fanosorana lavenona izao dia tandindon'ny fahalevonana, toetrantsika olombelona misy fetra. Izany no dikan'ny lavenona. Ilay sampankazo nentina niderana an'Andriamanitra tamin'ny fankalazana ny Alahadin'ny sampankazo no nangonina ka nodorana ary dia levona. Avy amin'izany no nahatonga ny teny "lavenona". Ho levona koa isika izay manambara fa olona voafetra isika ary indrindra noho ny fahotana tamin'ny fototra izay nitondra amin'ny fahafatesana.

Hosorana antsika io lavenona io ka lazaina amin'izany ny hoe "Mibebaha ary minoà ny evanjely", izany no lalan-kombàna hizorantsika hamakivaky izao 40 andro izao, hibebaka, hihavao ary ny fibebahana dia amin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra. Tamin'ny Alahady lasa teo mbola nandalina mikasika ny teny isika, ny tenin'Andriamanitra no hanilo antsika amin'izao 40 andro entintsika mamakivaky ny efitry ny fiainantsika izao. Izany hoe ireo fakam-panahy maro ho folahintsika, ho levonintsika miaraka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra.

Raha mahatsikaritra ianareo dia ireo rehetra voalaza ireo no hiainantsika mandritra ny Sinaody ka azo lazaina fa izao vanim-potoana Karemy dia tena fanamafisana an'ireo dingana (cheminement) ataontsika amin'ny Sinaody.

Ny tenin'Andriamanitra amin'izao Alarobia lavenona izao dia mampirisika antsika fa tsy hahita ny tena fiovana isika raha tsy misy ny fiovam-penitra mahery vaika.

Izany no mahatonga an'I Joely mpaminany milaza ao amin'ny vakiteny voalohany hoe *"ny fonareo no rovirovito fa tsy ny fitafianareo".* Ezaka voalohany ataontsika amin'izao famakivakiana ny 40 andro izao dia tsy ny avy ety ivelany no hovaintsika fa ny fontsika mila miova, ny fontsika izany hoe ireo "encombrements" izay misakana antsika tsy hiroso amin'ny tena fiainana maha zanak'Andriamanitra izay antenaintsika amin'ny Paka, mitondra antsika amin'ny fitsanganan-ko velona. Izany no maha Eglizy Olona Velona antsika ka tsy maintsy esorintsika ao am-pontsika ao ny ratsy rehetra ka ho fo vaovao no entintsika mankalaza ny Paka, izany no atao hoe fibebahana.

Vokatry ny fihainoantsika ny tenin'Andriamanitra no hahafahantsika miaina an'izany. Lazain'ny pretra rehefa manosotra lavenona amin'ny handrintsika izy ny hoe "mibebaha ka

minoà ny evanjely". Iezahantsika hampiharina amin'ny fiainantsika andavanandro izany famolahana ny fontsika izany mba ho fo vaovao. Anarin'i Jesoa isika ao amin'ny evanjely, *"Ny rainareo mahita ao amin'ny miafina no hamaly soa anareo"*. Manampy antsika hiroso amin'izay fiovana, fibebahana ny ambaran'I Jesoa ao amin'ny Evanjely izay azo lazaina fa tena mametraka programam-piainana izay azontsika ampiharina koa amin'ny Sinaody.

Manasa antsika hiova amin'ny alalan'ny asa fanasoavana I Jesoa izay mampiseho fa tena miova tokoa ny fontsika.

Manasa antsika hiova amin'ny alalan'ny vavaka, amin'ny alalan'ny fifamelan-keloka ny Tenin'Andriamanitra. Ny fivelomantsika ny vavaka sy fahaizantsika mifamela heloka ao anatin'ny famindram-po no anehoantsika fa niova tokoa ny fontsika. Izany no dikany y fifadian-kanina ataontsika izay fifadiana amin'ny fahotana miteraka antsika tsy mahita ny fivelarana.

Marina fa tsara ny mamerina eto fa ilaina ny fifadian-kanina satria misy ny sahy milaza amin'izao fotoana izao (asa avy aiza io fomba fijery io) fa efa lany andro ny fifadian-kanina. Miala tsiny fa tsy miova sanatria ny fampianaran'ny Eglizy momba izany satria I Jesoa no nampianatra ary tsy vita ny nampianatra fa nifady hanina ihany koa izy. Ilaintsika ny mamolaka ny vatana mba ho folaka ny vatana sy ny saina ka ilaina koa ny fifadian-kanina mba hanambarantsika fa miezaka mamolaka ny saina koa isika. Amin'ny fotoana karemy tahaka izao no hanaovana ny fifadian-kanina ary ataontsika ao anatin'ny fahanginana, ny fontsika no tadiavina hiova fa tsy zavatra ety ivelany fotsiny. Tsy inona no ambarany ny fo fa ny toetrantsika, ny maha-isika antsika.

Marina ilaina ny ety ivelany hanehoana ny ao anaty fa ny ao anaty no ilaina miova ary izay no kendrentsika amin'izao sinaody izao mba hahatonga antsika ho Olon-dehibe amin'ny finoana ka tsy ho voailikilika.

Apetraky ny evanjely amin'izao fanombohan'ny karemy izao ny programantsika hanehoana izany fihavaozan'ny fontsika izany ka hahatonga antsika ho Eglizy Olona Velona, Miara-dia, miombona, mandray an-tanana, ka zary Tabernakla velona.

Hararaoty izao fotoana izao, izany no ambaran'i Md Paoly amintsika, *"Izao no andro tsara, izao no fotoana tsara, mihavana re amin'Andriamanitra".* Olombelona isika ka mila famantarana ka ny sakramenta no manampy antsika hiaina izany. Anaovana antso avo isika mba hiroso amin'ny sakramentan'ny fampihavanana. Mivelona ny sakramenta ny fampihavanana isika raha miverina amin'Andriamanitra ka ambarantsika amin'ny fiainana. Hihavana amin'ny tontolo iainana isika ka tsy hamotika ny zava-boahary fa hikolokolo amin'ny alalan'ny fambolen-kazo.

Mihavana re amin'Andriamanitra izay midika isika mihavana amin'ny mpiara-belona ka manorina tontolom-piainana anjakan'ny rariny sy ny hitsiny amin'ny alalan'ny fifamelan-keloka sy ny fifamindram-po ka miaina ny marina mba hialana amin'ny risoriso sy ny

henamaso ary ny fihatsaram-belatsihy fa hampanjaka ny fahamarinana ka hanorina ny fanjakan'Andriamanitra eo anivon'ny fiaraha-monina, ny fianakaviana sy ny fiainantsika andavanandro.

Rehefa mihavana amin'Andriamanitra sy amin'ny mpiara-belona isika dia miezaka ihany koa mihavana amin'ny tontolo iainana. Tsara tsipihina manokana ny mikasika ny fihavanana amin'ny zava-boary. Mila ezaka manokana avy amintsika io satria mitaky fiovam-penitra mahery vaika. Miala amin'ny herisetra manapotika ny manodidina isika fa indrindra ireny motro manapotika ny ala ireny fa miezaka kosa miaro izay ala kely sisa ankehitriny entina manorina ny ho avy. Io fiovam-penitra io no Paka ankalazaintsika. Raha atao amin'ny teny hafa dia ny fanajana no anehoana an'io fiovam-poenitra mahery vaika io.

Izay no mahatonga ny Papa mametraka mazava ao amin'ny hafatry ny Karemy amin'ity taona ity mba tsy ho ketraka amin'ny fanaovan-tsoa. Io no mitondra antsika hanavao ny fifandraisana telo izay mandrafitra ny fiainantsika.

Mirary karemy hitondra antsika amin'ny fiombonana amin'Andriamanitra ka hahatonga antsika ho génération mpanorina tokoa isika, hanavaozantsika ny fontsika, fo misy an'Andriamanitra, fo mamela heloka ary hanana fiombonana tanteraka amin'Andriamanitra anie isika. Hahay hanararaotra izao karemy izao isika mba hiroso lalindalina kokoa amin'ny Sinaody. I Masina Maria Reny anie hanampy antsika hivelona izao karemy izao amin'ny alalan'ny fanaovan-tsoa. Md Josefa mivavahà ho anay mba hiroso lalindalina kokoa amin'nyfiatrehana ny sinaody izahay ka hahatonga anay hihavao sy hifanasoa tokoa.-Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson